“Manatòna ary mialà, ary fantaro fa tsy hisy aminareo ho voavonjy amin’ny alàlan'ny asany.” Hoy izy ireo : Ry irak’Allah, Eny na ianao aza? Namaly izy hoe : “Eny na dia izaho aza, raha tsy Allah mandrotsaka amiko ny famindram-pony sy ny fahasoavany”

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), Niteny ny Irak'Allah (Ş.A.W) manao hoe : “Manatòna ary mialà, ary fantaro fa tsy hisy aminareo ho voavonjy amin’ny alàlan'ny asany.” Hoy izy ireo : Ry irak’Allah, Eny na ianao aza? Namaly izy hoe : “Eny na dia izaho aza, raha tsy Allah mandrotsaka amiko ny famindram-pony sy ny fahasoavany”.
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

I Mpaminany (S.A.W) dia manentana ny mpanaradia mba hiasa sy hatahotra an'I Allah araka izay azony atao, tsy manitatra na manao tsirambina, ary mikasa ny hanao ny tsara amin'ny fahadiovam-po amin'Allah sy ny fanarahana ny Sonnah mba fa ho ekena ny asany ka lasa anton’ny hidinan’ny famindram-po aminy. Avy eo nilaza tamin’izy ireo izy fa tsy misy aminareo ho voavonjy noho asany; Ilaina koa ny famindram-pon’I Allah. Hoy izy ireo : Na dia ianao aza ry irak'Allah moa tsy mamonjy anao ve ny asanao na dia eo aza ny halehiben'izany? Hoy izy : Na dia izaho aza, raha tsy saron'I Allah amin'ny famindram-pony aho.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/3469